# Yaoundé 2020, kôminôte velona !

## Misy tanora 4 mamantatra ny fikambanana,

LAURIANE



Mandray tanora 4 manam-paniriana hiditra ny fikambanana ny kôminôten'i Yaoundé, an'isan'ireo i Lauriane izay namangy anay sy nijanona niaraka taminay nandritra ny 4 andro. Nizara ny fiainana kôminôte tamin'ny alalan'ny tsena, fanamboarana ranon-tsavony ary fiainana andavanadro izahay. Hafaliana ny fihaonana sy ny fivavahana miaraka !

## Postulantes 3 no manohy ny fiofanany ao amin'ny taona faharoa



Tonga ny 10 septembre 2019 teto Yaoundé ny Postulantes. Manaraka ny fianarana iarahana amin'ny toeram-piofanana hafa sy ny fianarana amin'ny kôminôte misy azy avy



Tamin'ny taona lasa dia tany Bamenda, Nkongsamba teto Yaoundé izy ireo araka ny fandaharan'ny ekipa misahana ny fanomboham-piofanana.

Ankoatran'ny fianarana ato an-trano, dia mandeha intelo isan-kerinandro any amina ivon-toerana fianarana fiteny frantsay  izay avy amin'ny kolon-tsaina anglisy ary amin'ny ivon-toerana fianarana fiteny anglisy ho an'izay avy amin'ny faritra miteny frantsay



# Nôvisy 2 miofana ao,

NJARA LUCILE



MARINAH



Nôvisy 2 dia Njara sy Marinah no miofana eto Yaoundé hatramin'ny oktôbra 2019. Njara amin'ny kilasin'ny ankizy madinika tany Elig-Edzoa ary Marinah any Mvog-Ada amin'ny fampianarana teknika. Samy manaraka ny fiainana sy ny asan'ny kôminôte izy mirahavavy.







## Masera Célestine, Florence, Prudencia, Florentine, Virginie sy masera Ernestine tonga avy any Madagasikara tamin'ny septambra 2019 dia manatevin-daharana ny kôminôte ihany koa.

## Izy moa dia manao ny andrana iraisam-pirenena.

Masera Ernestine tonga avy any Madagascar, ny 3 septambra 2019 niaraka tamin'i masera Samueline izay lasa any amin'ny kôminôten'i Nkongsamba. Afaka mahafantatra tsara ny asam-panirahan'ny fikambanana aty Kamerona izy ireo alohan'ny hidirany tanteraka ato amin'ny Fikambanan'ny Sœurs du Christ.

Sr Ernestine



Sr Samueline





Sr Prudencia

